Malagasy

# Nourish the Roots, and the Branches Will Grow

By Elder Dieter F. Uchtdorf
*Of the Quorum of the Twelve Apostles*

# Kolokoloy ireo faka dia hitombo ireo rantsana

Nataon'ny Loholona Dieter F. Uchtdorf
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

October 2024 general conference

*The branches of your testimony will draw strength from your deepening faith in Heavenly Father and His Beloved Son.*

*Hanovo hery avy amin'ny finoanao miorim-paka ao amin'ny Ray any An-danitra sy ny Zanakalahy Malalany ireo rantsan'ny fijoroana ho vavolombelona anananao.*

## An Old Chapel in Zwickau

## Efitrano fivavahana tranainy iray ao Zwickau

The year 2024 is something of a milestone year for me. It marks 75 years since I was baptized and confirmed a member of The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints in Zwickau, Germany.

Ny taona 2024 dia toa taona iray miavaka ho ahy. Izany dia manamarika ny faha-75 taona izay nahavitan'ny batisako sy nandraisana ahy ho mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany tany Zwickau, Alemana.

My membership in the Church of Jesus Christ is precious to me. To be counted among God's covenant people, with you, my brothers and sisters, is one of the greatest honors of my life.

Sarobidy amiko ny maha-mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ahy. Iray amin'ireo voninahitra lehibe indrindra eo amin'ny fiainako ny voaisa ho isan'ireo vahoakan'ny fanekempihavan'Andriamanitra miaraka aminareo ry rahalahiko sy anabaviko.

When I think about my personal journey of discipleship, my mind often goes back to an old villa in Zwickau, where I have cherished memories of attending sacrament meetings of the Church of Jesus Christ as a child. It is there where the seedling of my testimony received its earliest nourishing.

Rehefa mieritreritra momba ny diako manokana amin'ny maha-mpianatr'i Kristy aho dia miverina any amin'ny trano lehibe iray any Zwickau ny eritreritro, izay ananako fahatsiarovana sarobidy tamin'ny fanatrehako ireo fivoriana fanasan'ny Tompo tao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy fony aho mbola zaza. Tao no nandraisan'ny tsimoky ny fijoroako ho vavolombelona ny fikolokoloana natao taminy voalohany.

This chapel had an old air-driven organ. Every Sunday a young man was assigned to push up and down the sturdy lever operating the bellows to make the organ work. I sometimes had the great privilege of assisting in this important task.

Nahitana ôrga efa tranainy izay mandeha amin'ny alalan'ny fantson-drivotra izany efitrano fivavahana izany. Isaky ny alahady dia misy zatovolahy iray izay asaina mampiakatra sy mampidina ilay fanoitra henjankenjana izay mibaiko ny tafoforana mba hampandehanana ilay ôrga.

While the congregation sang our beloved hymns, I pumped with all my strength so the organ would not run out of wind. From the bellows operator seat, I had a great view of some stunning stained-glass windows, one depicting the Savior Jesus Christ and another portraying Joseph Smith in the Sacred Grove.

I can still remember the sacred feelings I had as I looked at those sunlit windows while listening to the testimonies of the Saints and singing the hymns of Zion.

In that holy place, the Spirit of God bore witness to my mind and heart that it was true: Jesus Christ is the Savior of the world. This is His Church. The Prophet Joseph Smith saw God the Father and Jesus Christ and heard Their voices.

Earlier this year, while on assignment in Europe, I had the opportunity to return to Zwickau. Sadly, that beloved old chapel isn't there anymore. It was torn down many years ago to make room for a large apartment building.

## What Is Eternal, and What Is Not?

I admit that it's sad to know that this beloved building from my childhood is now just a memory. It was a sacred building to me. But it was just a building.

By contrast, the spiritual witness I gained from the Holy Ghost those many years ago has not passed away. In fact, it has grown stronger. The things I learned in my youth about the fundamental principles of the gospel of Jesus Christ have been my firm foundation throughout my life. The covenant connection I forged with my Heavenly Father and His Beloved Son has stayed with me—long after the Zwickauchapel was dismantled and the stained-glass windows were lost.

Nanana fahafahana lehibe aho indraindray hanampy tamin'izany asa lehibe izany.

Rehefa nihira ireo hira izay mamintsika ireo mpiangona dia manosika mafy amin'ny heriko rehetra aho mba ho ampy rivotra ilay ôrga. Nahitako tsara ny sasany amin'ireo varavarankely vita avy amin'ny takela-pitaratra miloko avy teo amin'ilay seza fibaikona ny tafoforana, ny iray maneho ny Mpamonjy Jesoa Kristy ary ny iray hafa maneho ny Mpaminany Joseph Smith tao amin'ilay Alakely Masina.

Tsaroako foana ny fahatsapana masina tao anatiko rehefa nijery ireo varavarankely notarafin'ny masoandro sy nihaino ireo fijoroana ho vavolombelona nataon'ireo Olomasina sy nihira ireo hiran'i Ziona.

Nijoro ho vavolombelona tamin'ny saiko sy ny foko ny Fanahin' Andriamanitra, tao amin'izany toerana masina izany, fa marina izany: Mpamonjy izao tontolo izao i Jesoa Kristy. Fiangonany ity. Ny Mpaminany Joseph Smith dia nahita an' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy ary nandre ny feon'Izy Ireo.

Tany am-piandohan'ity taona ity raha namita iraka tany Eorôpa aho dia nanana fahafahana hiverina tany Zwickau. Mampalahelo fa tsy eo intsony ilay trano fivavahana tranainy. Narodana taona maro lasa izay ilay trano mba hanorenana trano fonenana lehibe.

## Inona no mandrakizay sy tsy mandrakizay?

Tsoriko fa mampalahelo ny mieritreritra fa ilay trano izay nankamamiako tamin'ny fahazazako dia lasa fahatsiarovana fotsiny sisa ankehitriny. Trano masina izany tamiko. Kanefa trano fotsiny ihany izany.

Mifanohitra amin'izany kosa dia tsy maty tsy akory ilay tenivavolombelona ara-panahy izay azoko avy tamin'ny Fanahy Masina nandritra izay taona maro izay. Nihamatanjaka aza izany raha ny tena marina. Fototra mafy orina nijoroako nandritra ny androm-piainako ireo zavatra nianarako nandritra ny fahatanorako momba ireo fitsipika fototry ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Nitoetra niaraka tamiko ilay fifandraisako tamin'ny Raiko any An-danitra sy Ilay Zanakalahy Malalany—fotoana ela taorian'ny nandravana ilay trano fivavahana tao Zwickau sy ny nahavery ireo varavarankely vita avy amin'ny takela-pitaratra miloko.

"Heaven and earth shall pass away," Jesus said, "but my words shall not pass away."

"The mountains shall depart, and the hills be removed; but my kindness shall not depart from thee, neither shall the covenant of my peace be removed, saith the Lord."

One of the most important things we can learn in this life is the difference between what is eternal and what is not.Once we understand that, everything changes—our relationships, the choices we make, the way we treat people.

Knowing what is eternal and what is not is key to growing a testimony of Jesus Christ and His Church.

"Ho levona ny lanitra sy ny tany," hoy i Jesoa, "fa ny teniko tsy mba ho levona."

"Fa hiainga ny tendrombohitra, ary hafindra ny havoana, fa tsy hiala aminao kosa ny hatsaram-poko, tsy hoesorina koa ny fanekempihavanan'ny fiadanako, hoy ny Tompo."

Iray amin'ireo zavatra manan-danja indrindra azontsika ianarana eto amin'ity fiainana ity ny maha-samy hafa ny zavatra maharitra mandrakizay sy tsy maharitra mandrakizay.Rehefa takatsika izany dia miova ny zava-drehetra—ireo fifandraisantsika sy ny safidy ataontsika ary ny fomba hitondrantsika ny hafa.

Ny fahafantarana ny zavatra maharitra mandrakizay sy ny tsy maharitra mandrakizay dia manan-danja amin'ny fampitomboana fijoroana ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy sy ny Fiangonany.

## Don't Mistake the Branches for the Roots

The restored gospel of Jesus Christ, as the Prophet Joseph Smith taught, "embrace[s] all, and every item of truth."But that doesn't mean that all truth is of equal value. Some truths are core, essential, at the root of our faith. Others are appendages or branches—valuable, but only when they are connected to the fundamentals.

The Prophet Joseph also said, "The fundamental principles of our religion are the testimony of the Apostles and Prophets, concerning Jesus Christ, that He died, was buried, and rose again the third day, and ascended into heaven; and all other things which pertain to our religion are only appendages to it."

In other words, Jesus Christ and His atoning sacrifice are the root of our testimony. All other things are branches.

This is not to say that the branches are unimportant. A tree needs branches. But as the Savior told His disciples, "The branch cannot bear fruit of itself, except it abide in the vine."Without a connection to the Savior, to the nourishment found in the roots, a branch withers and dies.

When it comes to nourishing our testimo-

## Aza afangaro amin'ireo rantsana ny faka

Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny, araka ny nampianarin'ny Mpaminany Joseph Smith dia "mahafaoka ny zava-drehetra sy ny singa rehetra anatin'ny fahamarinana."Tsy midika akory izany fa mitovy lanja daholo ny fahamarinana rehetra. Ny sasany amin'ireo fahamarinana dia fototra sy tena ilaina ary fakan'ny finoantsika. Ny hafa kosa dia fanampiny fotsiny na rantsana—Tsy sarobidy raha tsy mifandray amin'ireo singa fototra.

Hoy ny Mpaminany Joseph Smith hoe: "Ny fitsipika fototry ny finoantsika dia ny fijoroana ho vavolombelona ananan'ny Apôstôly sy ny Mpaminany mikasika an'i Jesoa Kristy, izay milaza fa maty sy nalevina Izy ary nitsangana tamin'ny maty ny andro fahatelo ary niakatra any an-danitra. Ireo zavatra hafa mikasika ny finoantsika dia fanampin'izany fotsiny ihany."

Raha lazaina amin'ny teny hafa, i Jesoa Kristy sy ny sorompanavotana nataony no fakan'ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika. Ny zavatra hafa rehetra dia rantsana avokoa.

Tsy entina hilazana akory izany fa tsy manan-danja ireo rantsana. Mila rantsana ny hazo iray. Saingy araka ny nolazain'ny Mpamonjy tamin'ireo mpianany hoe: "Ny sampany tsy mahay mamoa ho azy, raha tsy miray amin'ny voaloboka izy."Raha tsy misy ny fifandraisana amin'ny Mpamonjy, izay fikolokoloana hita ao anatin'ireo faka dia malazo ny rantsana ka maty.

Raha ny fikolokoloana ny fijoroana ho

nies of Jesus Christ, I wonder if we sometimes mistake the branches for the roots. This was the mistake Jesus observed in the Pharisees of His day. They paid so much attention to the relatively minor details of the law that they ended up neglecting what the Savior called "the weightier matters"—fundamental principles like "justice and mercy and faith."

If you want to nourish a tree, you don't splash water on the branches. You water the roots. Similarly, if you want the branches of your testimony to grow and bear fruit, nourish the roots. If you are uncertain about a particular doctrine or practice or element of Church history, seek clarity with faith in Jesus Christ. Seek to understand His sacrifice for you, His love for you, His will for you. Follow Him in humility. The branches of your testimony will draw strength from your deepening faith in Heavenly Father and His Beloved Son.

For example, if you want a stronger testimony of the Book of Mormon, focus on its witness of Jesus Christ. Notice how the Book of Mormon testifies of Him, what it teaches about Him, and how it invites and inspires you to come unto Him.

If you're seeking a more meaningful experience in Church meetings or in the temple, try looking for the Savior in the sacred ordinances we receive there.Find the Lord in His holy house.

If you ever feel burned out or overwhelmed by your Church calling, try refocusing your service on Jesus Christ. Make it an expression of your love for Him.

Nourish the roots, and the branches will grow. And in time, they will bear fruit.

## Rooted and Built Up in Him

vavolombelona ananantsika momba an'i Jesoa Kristy no resahina dia manontany tena aho raha toa ka tsy afangarontsika amin'ireo faka ireo rantsana. Izany no fahadisoana izay tsikaritr'i Jesoa fa nataon'ireo Fariseo tamin'ny androny. Nifantoka loatra tamin'ireo antsipiriany madinika momba ny lalàna izy ireo ka lasa nanao tsinontsinona ireo zavatra nantsoin'ny Mpamonjy hoe "izay lehibe"—fitsipika fototra toy "ny rariny sy ny famindram-po ary ny finoana."

Raha te hikolokolo hazo iray ianao dia tsy tobahanao rano ireo rantsany. Fa ny fakany kosa no tondrahanao. Torak'izany koa raha tianao hitombo sy hamokatra voa ireo rantsan'ny fijoroana ho vavolombelona ananao dia kolokoloy ny fakany. Raha toa ka misalasala ianao momba ny fotopampianarana na fomba fanao na singa iray ao amin'ny tantaran'ny Fiangonana dia mikatsaha hevitra sy fahatakarana amin'ny finoana an'i Jesoa Kristy. Katsaho ny hahatakatra ny sorona nataony ho anao sy ny fitiavany anao ary ny sitrapony ho anao. Araho amim-panetren-tena Izy. Hanovo hery avy amin'ny finoanao miorim-paka ao amin'ny Ray any An-danitra sy ny Zanakalahy Malalany ireo rantsan'ny fijoroana ho vavolombelona ananao.

Ohatra, raha maniry ny hanana fijoroana ho vavolombelona matanjaka kokoa momba ny Bokin'i Môrmôna ianao dia mifantoha amin'ny tenivavolombelona entin'izany momba an'i Jesoa Kristy. Diniho ny fomba hijoroan'ny Bokin'i Môrmôna ho vavolombelona momba Azy sy ny zavatra ampianarin'izany momba Azy sy ny fomba hanasàn'izany sy hitaoman'izany anao hanatona Azy.

Raha mikatsaka ny hiaina zavatra manan-danja kokoa ianao mandritra ireo fivoriana ao am-piangonana na any amin'ny tempoly dia andramo karohina ao amin'ireo ôrdônansy masina izay raisintsika ao ny Mpamonjy.Karohy ao amin'ny tranony masina ny Tompo.

Raha toa ianao ka mahatsapa ho valaketraka na rempotry ny antsonao ao amin'ny Fiangonana dia andramo ampifantohana amin'i Jesoa Kristy ny asa fanompoana ataonao. Ataovy fomba fanehoana ny fitiavanao Azy izany.

Kolokoloy ireo faka dia hitombo ireo rantsana. Ary hamokatra voa tsara izany rehefa mandeha ny fotoana.

## Mamaka tsara sy miorina mafy ao Aminy

Strong faith in Jesus Christ doesn't happen overnight. No, in this mortal world, it's the thorns and thistles of doubt that grow spontaneously.The healthy, fruitful tree of faith requires intentional effort.And a vital part of that effort is making sure we are firmly rooted in Christ.

Tsy tonga moramora foana ny fananana finoana matanjaka an'i Jesoa Kristy. Tsia. Eto amin'ity tontolon'ny fiainana an-tany ity dia ny tsilo sy herin'ny ahiahy no mitombo tampoka.Ilay hazo mahasoa sy mahavanom-boan'ny finoana dia mitaky ezaka iniana atao.Ary ampahany manan-danja amin'izany ezaka izany ny manao izay mampiorim-paka tsara antsika ao amin'i Kristy.

For example: At first, we may be drawn to the Savior's gospel and Church because we are impressed by the friendly members or by the kind bishop or the clean looks of the chapel. These circumstances are certainly important to grow the Church.

Ohatra: Amin'ny voalohany isika dia mety ho voataona ho amin'ny filazantsaran'ny Mpamonjy sy ny Fiangonany satria mahavariana antsika ireo mpikambana mora alain-ko namana na ilay eveka tsara fanahy na koa ny fahadiovan'ny trano fivavahana. Marina fa manan-danja tokoa ireo toe-javatra ireo mba hampitomboana ny Fiangonana.

Nevertheless, if the roots of our testimony never grow deeper than that, what will happen when we move to a ward that meets in a less impressive building, with members who aren't so friendly, and the bishop says something that offends us?

Na izany aza anefa, raha toa ka tsy miorim-paka lalina kokoa noho izany ireo fakan'ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika dia inona no hitranga rehefa hifindra amin'ny paroasy iray izay mivory anaty trano fiangonana tsy dia tena manaitra sy ahitana mpikambana izay tsy mora alain-ko namana ao aminy ary eveka milaza zavatra manafintohina antsika isika?

Another example: Doesn't it seem reasonable to hope that if we keepthe commandments and are sealed in the temple, we will be blessed with a large, happy family with bright, obedient children, all of whom stay active in the Church, serve missions, sing in the ward choir, and volunteer to help clean the meetinghouse every Saturday morning?

Ohatra iray hafa: Moa ve tsy toy ny hoe rariny ny manantena fa rehefa mitandrina ireo didy ary fehezina any amin'ny tempoly isika dia hotahiana mba hanana fianakaviana sambatra sy zanaka marani-tsaina sy mpankatò izay hitoetra ho mazoto ao amin'ny Fiangonana, handeha hitory ny filazantsara, hihira ao amin'ny amboaram-peon'ny paroasy ary hanolo-tena mba hanampy amin'ny fanadiovana ny trano fiangonana isaky ny sabotsy maraina?

I certainly hope that all of us will see this in our lives. But what if it doesn't happen? Will we stay bound to the Savior regardless of circumstances—trusting Him and His timing?

Tena manantena tokoa aho fa isika rehetra dia hahita izany eo amin'ny fiainantsika. Saingy ahoana raha toa ka tsy mitranga izany? Moa ve hanohy hifamatotra amin'ny Mpamonjy isika na inona na inona toe-javatra misy—hatoky Azy sy ny fandaharam-potoanany?

We must ask ourselves: Is my testimony based on what I hope to happen in my life? Is it dependent on the actions or attitudes of others? Or is it firmly founded on Jesus Christ, "rooted and built up in him,"regardless of life's changing circumstances?

Tokony mametra-panontaniana amin'ny tenantsika isika hoe: Moa ve mifototra amin'ny zavatra antenaiko fa hitranga eo amin'ny fiainako ny fijoroana ho vavolombelona ananako? Moa ve miankina amin'ny ataon'ny hafa sy ny toetran'izy ireo izany? Sa miorina mafy eo amin'i Jesoa Kristy, "mamaka tsara sy miorina mafy ao Aminy,"na inona na inona toe-javatra miovaova eo amin'ny fiainana?

## Traditions, Habits, and Faith

## Fomban-drazana sy Fahazarana ary Finoana

The Book of Mormon tells of a people who "were strict in observing the ordinances of God."But then a skeptic named Korihor came along, mocking the Savior's gospel, calling it the "foolish" and "silly traditions of their fathers."Korihor led "away the hearts of many, causing them to lift up their heads in their wickedness."But others he could not deceive, because to them, the gospel of Jesus Christ was much more than a tradition.

Ny Bokin'i Môrmôna dia mitantara momba ny vahoaka iray izay "[sarotiny tamin'ny] fanarahana ny ôrdônansin' Andriamanitra."Kanefa avy eo nisy lehilahy tsy nanam-pinoana iray, izay antsoina hoe Kôrihôra, izay tonga nanesoeso ny filazantsaran'ny Mpamonjy ka nantsoiny hoe "adaladala" sy "fomba adaladalan'ireo razany."Nampaniasia "ny fon'ny maro, nanao izay hanatrakany ny lohany tao amin'ny faharatsiany"i Kôrihôra. Saingy ny hafa kosa dia tsy azony nofitahina satria mihoatra lavitra noho ny fomban-drazana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ho azy ireo.

Faith is strong when it has deep roots in personal experience, personal commitment to Jesus Christ, independent of what our traditions are or what others may say or do.

Matanjaka ny finoana rehefa miorim-paka lalina amin'ny zavatra iainana sy ny fanoloran-tena manokana amin'i Jesoa Kristy fa tsy miankina amin'ireo fomban-drazana na ny zavatra mety holazain'ny hafa na hataon'izy ireo.

Our testimony will be tested and tried. Faith is not faith if never tested. Faith is not strong if never opposed. So don't despair if you have trials of faith or unanswered questions.

Hozahan-toetra sy hotsapaina ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika. Tsy finoana ny finoana raha tsy mbola voazaha-toetra mihitsy. Tsy matanjaka ny finoana raha tsy mbola notoherina mihitsy. Ka noho izany aza kivy raha toa ka mandalo fitsapa-pinoana na manana fanontaniana tsy voavaly ianao.

We should not expect to understand everything before we act. That is not faith. As Alma taught, "Faith is not to have a perfect knowledge of things."If we wait to act until all of our questions are answered, we severely limit the good we can accomplish, and we limit the power of our faith.

Tsy tokony hanantena ny hahatakatra ny zava-drehetra isika alohan'ny hanaovantsika zavatra. Tsy finoana velively izany. Araka ny nampianarin'i Almà hoe: "Ny finoana dia tsy fananana fahalalana tomombana ny zavatra."Raha toa isika miandry ka tsy mihetsika mandrapahatongan'ny fotoana hamaliana ireo fanontaniana rehetra ananantsika dia tena mametra ny zava-tsoa azontsika tanterahina isika ary mametra ny herin'ny finoana.

Faith is beautiful because it persists even when blessings don't come as hoped for. We can't see the future, we don't know all the answers, but we can trust Jesus Christ as we keep moving forward and upward because He is our Savior and Redeemer.

Tsara ny finoana satria mitoetra maharitra izany na dia tsy tonga araka ny nantenaina aza ireo fitahiana. Tsy hitantsika ny hoavy ary tsy fantatsika ny valin'ny zavatra rehetra saingy afaka matoky an'i Jesoa Kristy isika rehefa sady mandroso no miakatra hatrany satria Mpamonjy sy Mpanavotra antsika Izy.

Faith endures the trials and the uncertainties of life because it is firmly rooted in Christ and His doctrine. Jesus Christ, and our Father in Heaven who sent Him, together constitute the one undeviating, perfectly reliable object of our trust.

Miaritra ireo fitsapana sy ireo ahiahin'ny fiainana ny finoana satria miorina mafy eo amin'i Kristy sy ny fotopampianarany izany. I Jesoa Kristy miaraka amin'ny Raintsika any an-danitra izay naniraka Azy, no tanjona tsy miovaova sy azo antoka tanteraka iorenan'ny fitokisantsika.

A testimony is not something that you build once and it stands forever. It's more like a tree that you nourish constantly. Planting the word of God in your heart is only the first step. Once

Tsy zavatra aorinao indray mandeha ny finoana dia mijanona eo foana mandrakizay. Mitovy kokoa amin'ny hazo iray izay kolokoloinao tsy tapaka izany. Ny fambolena ny tenin' Andriama-

your testimony starts to grow, then the real work begins! That's when you "nourish it with great care, that it may get root, that it may grow up, and bring forth fruit." It takes "great diligence" and "patience with the word." But the Lord's promises are sure: "Ye shall reap the rewards of your faith, and your diligence, and patience, and long-suffering, waiting for the tree to bring forth fruit unto you."

nitra ao am-ponao dia vao ilay dingana voalohany fotsiny ihany. Rehefa manomboka mitsimoka ny fijoroana ho vavolombelona anananao dia amin'izay fotoana izay vao tena manomboka ny tena asa! Amin'izay fotoana izay ianao no "[mamahana izany] amin'ny fanolokoloana be mba hahazoany miorim-paka, mba hahazoany mitombo sy mitondra voa." Mitaky "fahazotoana be" sy "faharetana amin'ny teny" izany. Kanefa azo antoka ireo fampanantenana nomen'ny Tompo: "Hotazanareo ny lokan'ny finoanareo sy ny fahazotoanareo, ary ny faharetanareo sy ny fahariponareo amin'ny fiandrasana ny hazo hitondra voa ho anareo."

My dear brothers and sisters, my dear friends, there's a part of me that misses the old Zwickau chapel and its stained-glass windows. But over the past 75 years, Jesus Christ has led me on a journey through life that is more thrilling than I could ever have imagined. He has comforted me in my afflictions, helped me to recognize my weaknesses, healed my spiritual wounds, and nourished me in my growing faith.

Ry rahalahy sy anabaviko malala, ry namako malala, misy ampahany ao amiko izay malahelo ilay trano fivavahana tranainy any Zwickau sy ireo varavarankely vita avy amin'ny takela-pitaratra miloko. Kanefa tao anatin'izay 75 taona lasa izay dia nitarika ahy mba hamakivaky dia iray teo amin'ny fiainako izay mampientanentana lavitra noho izay azoko noeritreretina i Jesoa Kristy. Nampionona ahy tao amin'ireo fahoriako, nanampy ahy hamantatra ireo fahalemeko, nanasitrana ireo ratra ara-panahiko ary nikolokoloko ahy tamin'ny finoako izay an-dalam-pitomboana Izy.

It is my sincere prayer and blessing that we will constantly nourish the roots of our faith in the Savior, in His doctrine, and in His Church. Of this I testify in the sacred name of our Savior, our Redeemer, our Master—in the name of Jesus Christ, amen.

Ny vavaka sy tsodrano amin-kitsim-po ataoko dia ny mba hikolokoloantsika tsy tapaka ny fakan'ny finoantsika ny Mpamonjy sy ny fotopampianarany ary ny Fiangonany. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anarana masin'ny Mpamonjy sy Mpanavotra antsika ary ny Tompontsika—amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.